ALAMINO
AGORA DES PAYSAGES ET DES FORÊTS

FENITRA 10 MAMPAHOMBY NY FANDRAKOFANA ALA AN'I MADAGASIKARA

Torolalana: ireo teboka hahatontosana ny tetikasanareo

(Marihina fa ny voambolana nampiasaina eto dia voambolana tena ahazoan'ny olona rehetra ny tiana ho lazaina)

Laharam-pahamehana nasionaly ny fandrakofana ala an'i Madagasikara - Tsy takona afenina ny voka-dratsin'ny faharinganan'ny ala sy ny fahasimban'ny sahanala ankehitriny (fikaohan'ny riaka ny tany, fihangazanan'ny tany, hain-tany, tondra-drano, sns.) ary mbola manampy trotraka izany ny fiovaovan'ny toetrandro. Manoloana ireo lokanady ireo dia efa misy fahatongavan-tsaina faobe ny amin'ny hamerenana ho Nosy maitso indray ny Nosy mena. Samy mahatsapa arak'izany ny tomponandraiki-panjakana sy ny manam-pahefana, ny firaisamonimpirenena, ny orinasa, ireo mpiombonantoka teknika sy mpamatsy vola ary ny ampahany betsaka amin'ireo mponina. Mihamitombo ireo vinanin-kevitra sy asa santatra ary mihamaro ihany koa ny mpisehatra manana risi-po hirotsaka.

Betsaka ireo olana sedraina - Maro ireo tetikasa fandrakofana ala no tsy nahomby noho ny tsy fanomezan-danja ny tranga misy eny ifotony, ny tsy fampandraisana anjaran'ny vondron'olona ifotony, ny teknika tsy mifanaraka amin'ny zava-misy, ny tsy fahampian'ny famatsiam-bola, ny tsy fametrahana drafitra maty paika ary indrindra ny tsy fanaraha-maso. Tsy mifandraika amin'ny zava-misy marina eny an-toerana sy ny zava-kendrena matetika ilay tetikasa. Tsy ampy ihany koa ny fandrindrana sy fanaparitahana ireo toro sy angom-baovao ka tsy mampiasa izany ireo mpisehatra fa miainga amin'ny tsy misy. Mila atao vaindohan-draharaha arak'izany ny fitrandrahana ireo torohay misy, izay ahitana ireo traikefa mifanaraka amin'ny zava-misy eny ifotony

Fomba fiasa iombonana - Manoloana ireo fanamby ireo dia nanapa-kevitrao ireo mpikambana ao amin'ny hetsika Alamino ny hanangona ireo fenitra fototra tokony harahina mba hahombiazan'ny fandrakofana ala an'i Madagasikara. Dimy volana izay no nifampizara sy niaraka nikaon-doha ireo mpisehatra isan-tsokajiny ka nanambatra ireo fahalalany sy traikefany, tamin'ny alalan'ny atrikasa, fakan-kevitra, dinidinika izay nahafahana namoaka ny marimaritra iraisana mahakasika ireo fenitra tokony arahana. Miantso ireo mpisehatra voakasik'izany izy ireo ankehitriny mba hanaraka an-tsakany sy an-davany ireto fenitra 10 ireto, izay tsy azo ihodivirana amin'ny fahombiazan'ny fandrakofana ala ny Nosintsika.

Torolàlana mora ampiarina sy mivoatra - Ity torolalana ity dia natao ho fitaovana mora ampiasaina ho an'ireo mpitondra tetikasa sy ny daholobe, na ireo manana traikefa izany na ireo izay vao hampaniry hazo. Miendrika fafana asiana marika ireo fenitra tsirairay. Izany no mahatonga ny teboka maro amin'ireo voalaza etsy ambany ho efa mahazatra ireo izay efa manana traikefa saingy ireo voalaza rehetra ireo dia manandanja avokoa. Mangataka ireo manana tetikasa fandrakofana ala izahay mba hametraka marika betsaka amin'ireo fafana, arakaraky ny zava-misy ary ampita aminay ny tokony hanatsarana ity antontan-kevitra ity aorian'ny asa vita. Ny ezaky ny tsirairay mitambatra no mitondra any amin'ny fandrakofana ala izay ilaina amin'ny fanarenana ny asa fototra tanterahan'ny ala sy ny sahanala, ho tombontsoan'ny firenena.

1. **FIROTSAHANA AN-TSEHATRA MAHARITRA** - Ireo mpiantsehatra amin'ny fandrakofana ala dia mila mahatsapa fa ny asa dia tsy mijanona fotsiny amin'ny fambolen-kazo. Ny fanomanana, ny fikojakojana, ny fanaraha-maso ary ny fitantanana maharitra ireo velaran-tany voavoly dia mitaky fifantohana avokoa :

   - ☐ Faritana ny tanjona sy ny vokatra andrasana : fambolen-kazo ho an'ny famokarana (kitay sy saribao, trano sy fanaka, voankazo, sns.), fambolen-kazo ho an'ny fiarovana ny nofon-tany, sahan-driaka, loharano, moron-dranomasina, sns. sy/na ho an'ny fanarenana sy fikajiana ireo ala sy ny karazajavamananaina.
   - ☐ Mizaha ireo toerana vinavinaina anatanterahana ny tetikasa fandrakofana ala (iarahana miasa amin'ireo ministera, kaominina, fikambanana eny ifotony, saritanim-panajarian'ny kaominina, sns.)
   - ☐ Fantarina ny toetoetry ny faritra iasana (tany, karazan-javamaniry, karazam-biby, sori-drefitany, toetrandro) sy ny loharano anondrahana ny pepiniera
   - ☐ Faritana ny anjara asa sy andraikitr'ireo mpisehatra isan-tsokajiny voakasika mandritry ny tetikasa
   - ☐ Mampiasa ny tetika sy ny fomba rehetra hampahomby ny voly hazo ho tonga ala, mba hialana amin'ny voly hazo miendrika fitsangatsanganana

- [ ] Faritana ny arofenitra feno amin'ny fanomanana, ny fambolena sy ny fikojakojana ireo zana-kazo, hatrany amin'ny fanatrarana ny tanjona, miaraka amin'ireo paikadim-piarovana maharitra isorohana ny fanapahana tsy ara-dalàna, ny afo sy ny fanimbàn'ny biby fiompy
- [ ] Faritana anatina fe-potoana voafetra ny drafi-pitantanana ireo velaran-tany voavoly, ahitana ireo asa fikojakojana, ireo tomponandraikitra, ireo vokatra voaangona (voankazo, kitay, hazo ho an'ny trano sy fanaka, vokatra avy amin'ny ala ankoatra ny hazo), ny fiodinan'ny fe-potoa-panapahana ny hazo, ny lasitra fiharian-karena
- [ ] Miantoka ny faharetan'ny tetikasa, amin'ny alalan'ny tombony amin'ny fiharian-karena na amin'ny alalan'ny famatsiam-bola maharitra
- [ ] Manao ny fanaraha-maso sy ny tombanezaka ireo asa, miaraka amin'ireo tondrom-pahombiazana mazava, ho fanajana ny arofenitra sy ny fanatrarana ny tanjona

2. **FOMBA FIASA MIFANTOKA AMIN'NY SAHANALA** - Ny sahanala dia mamaritra toerana izay hisian'ny fambolena, fiompiana, rano, tendrom-bohitra sy vato, lohasaha ary indrindra ny ala. Noho izany ny fandrakofana ala dia sainina ho famenon'ny asa rehetra atao ao anatin'io sahanala io. Ny kendrena dia hananana sahanala mahatanteraka ny anjara asany amin'ny fanomezana ireo tolotra ilaina avy amin'ny rohivoahary eo amin'ny lafiny ekolojika, fiharian-karena, sosialy. Ilaina ny :

- [ ] Miainga amin'ny antonta-kevitra misy, mahakasika ny drafi-panajariana tany (famaritana ny faritra iasàna, drafi-pitantanana ny sahanala, sns.)
- [ ] Mandrindra ny fandrakofana ala mba hifanaraka tsara amin'ireo zava-misy efa eo an-toerana (fambolena, fiompiana, fizahantany, fotodrafitrasa, sns.) manaraka ny drafi-panajariana tany
- [ ] Mandray anjara amin'ny fitazomana sy/na famerenana amin'ny laoniny ireo anjara asa telo lehiben'ny sahanala : loharanon-drano, kalitaon'ny tany, karazajavamananaina.
- [ ] Mahafehy sy mahazo tsara ireo lokanady sy ny asa eo amin'ilay toerana voakasika (momba ny ala, filàna angovo, fambolena, fiompiana, jono, asa tanana, karazajavamananaina, sns.)
- [ ] Manome lanja ny fiarovana ireo ala tavela sy ny mety ho fampodiana voajanahary ny ala ny paikadim-panarenana ny sahanala
- [ ] Manamafy ny fiarovana ireo karazam-biby (gidro, vorona, sns.) izay manana anjara asa lehibe amin'ny fanaparitahana ny voa, ary manarina ny ala sy ny sahanala amin'ny fomba voajanahary
- [ ] Maminavina sy manombana mialoha ireo trangan-javatra mety hisy fiantraikany eo amin'ny drafi-panatanterahana ny tetikasa (fiovan'ny toetrandro, tsy fandriampahalemana, fifindra-monina)

3. **FIJERENA NY TOMBONTSOAN'NY OLONA ENY IFOTONY** - Mialohan'ny asa rehetra, mila mijery sy mifantoka amin'ireo sakana, fangatahana sy filana eny ifotony mifandray amin'ny fandrakofana ala, ahafahan'ny vondrom-piarahamonina sy ireo mpisehatra eny ifotony mirotsaka an-tsehatra sy mandrisika maharitra azy ireo. Ilaina ny :

- [ ] Maka ny hevitra sy mifanakalo hevitra amin'ireo mponina eny an-toerana dieny amboalohan'ny tetikasa mikasika ny zava-misy iainan'izy ireo, ny filany, ny hetahetany ary mampiditra izany ao amin'ny famaritana sy ny tanjon'ny tetikasa
- [ ] Maka hevitra any amin'ireo mpisehatra ifotony hafa (tomponandraiki-panjakana sy manampahefana eny ifotony, vondrona sy fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana na ONG, sehatra tsy miankina, vondron'ny firaisamonimpirenena, raiamandreny ara-panahy sy ara-drazana)
- [ ] Mampifanaraka ny tanjona sy paika miainga amin'ireo fakan-kevitra ireo, mamaly ireo filana fototra voafaritra (fiadanan-tsaina, fidiram-bola ampy, fahampiana ara-tsakafo, fisitrahana fanabeazana, sns.) sy ny fanomezana lanja ny fahaizana sy fahalalana eny ifotony
- [ ] Zaraina ara-drariny ireo tombotsoa azo avy amin'ny tetikasa sy ny fisitrahan'ireo mponina eny an-toerana izay nandray anjara mavitrika tao anatin'ny tetikasa
- [ ] Atao izay hisitrahan'ireo olona nandray anjara tamin'ny fandrakofana ala, tombontsoa azo tsapain-tanana, mba hampavitrika azy ireo , raha tetikasa ifarimbonana amin'ny vondrom-piarahamonina ifotony

4. **FANDRAISAN'ANJARA MAVITRIKY NY ENY IFOTONY** - Ny fandrafetana, ny fanatanterahana sy ny fanaraha-maso ny asa fandrakofana ala dia mitaky fampandraisana anjara mavitrika ireo vondronolona ifotony, ireo mpisehatra sy ireo tomponandraiki-panjakana sy manampahefana eo anivon'ny kaominina, amin'ny alalan'ny tan-tsoroka mifanaraka amin'izany, izay omena azy ireo. Ilaina ny :

- [ ] Mamantatra ireo rafitra eny ifotony izay azo ampandraisana anjara, na ara-panjakana na tsia, maha solontena ireo mponina eo antoerana (tanora, vehivavy, foko samy hafa)
- [ ] Resena lahatra ireo ben'ny tanàna, ny sefom-pokontany, ny olobe eo an-tanàna sy ny raimandreny ara-drazana sy ara-panahy ,ny tanora sy ny mponina mba ahahatsapa ny lokanadin'ny fandrakofana ala, izany dia atao amin'ny alalan'ny fitsidihana fifampizarana

- [ ] Mampahalala ny vahoaka sy ny mpisehatra ireo fitsipika sy lalàna mifehy ny ala sy ny fandrakofana ala, ka miara-miasa amin'ny tomponandraiki-panjakana mba hisian'ny fampiharana ny lalàna
- [ ] Mampandray anjara mavitrika ireo mpisehatra amin'ny asa fanentanana, fitantanana ireo pepiniera (izay tokony ampanakaikezina ny mponina sy ny toeram-pambolen-kazo), sy fandrafetana ary fitantanana ny tetikasa fandrakofana ala rehetra
- [ ] Atolotra ny eny ifotony ireo enti-manana (fitaovana, zana-kazo, sns.) mba ho fanohanana azy ireo. Ilaina arak'izany ny famindram-pitantana sy famindrana andraikitra izay ekana sy ankatoavin'ny fokonolona
- [ ] Mametraka fitaovana fitantanana tetikasa sy fitantanana ala iarahan'ny rehetra mitantana ary mahavahaolana sy mifanandrify amin'ny lokanady eny ifotony. Voakasik'izany ny fitantanana ny disadisa

5. **EZAKA EO AMIN'NY FILAMINAN'NY FANANAN-TANY** - Ny tetikasa fandrakofana ala dia mila miantoka ny asan'ireo mpampiasa vola sy ireo mpandray anjara eny ifotony mba tsy ho very an-javony, noho ny antony fananan-tany. Ilaina ny fanarahana ireto dingana ireto :

- [ ] Mamantatra ny satan' ny tany izay hanatanterahana ny fandrakofana ala
- [ ] Raha ilaina, atomboka ny fikarakarana ny antotan-taratasy sy ireo fepetra manaraka ny lalànan'ny fananantany, iarahana amin'ireo ratsamangaikin'ny ministera miandraikitra ny fananan-tany, ny tontolo iainana sy ny fandrakofana ala
- [ ] Ho an'ny tetikasa fandrakofana ala sahanin'ny tantsaha na ny vondronolona, manome tan-tsoroka azy ireo amin'ny fahazoana tany ara-dalàna
- [ ] Raha tsy misy ny taratasy manamarina mazava ny fananan-tany, dia miaraka mikaroka vahaolana amin'ireo mpisehatra eny ifotony, hitazomana ny tombontsoa azo avy amin'ny fandrakofana ala (fiarovana ny fampiasan-tany)
- [ ] Fakafakana tsara ny fahefana manatanteraka ny fanomezana an'ireo vondronolona ireo kara-tany hoan'ireo tany nambolena hazo, alohan'ny hanomezana toky azy ireo, hisorohana ny tsy fifankahazoana miteraka tsy fahatomombanan'ny asa

6. **DRAFIM-PAMBOLENA MATY PAIKA** - Misy dingana maromaro ny fikarakarana ny zana-kazo sy ny fotoam-pambolena, ary mila arahana an-tsakany sy an-davany ireo dingana ireo mba ahitam-bokatra sy hanatrarana ireo tanjona napetraka. Ilaina ny :

- [ ] Mamaritra mazava tsara ny toerana ho rakofana ala, alaina sy tehirizina ireo fangitra ara-jeôgrafika anaovana ny fanaraha-maso.
- [ ] Mamaritra sy manaraka tetiandro voarindra mifanaraka amin'ny vanim-potoanan'ny orana, hampitomboana ny tahan'ny fahaveloman'ireo zana-kazo.
- [ ] Mametraka drafim-panajarina sy fanomanana ny toerana hambolena (fisafidianana ny karazan-kazo, fiasana ny tany, fambolena, ny elanelana eo amin'ireo hazo sy ny isan'ny hazo isaky ny hektara, fanondrahana, fiarovana, fanaovana sy fikojakojana ireo aro afo)
- [ ] Mamaritra fomba fiasa hamokarana zana-kazo sy/na masomboly
- [ ] Mamboly karazan-kazo tsara kalitao : miantoka ny fiavian'ny masomboly, manala mialoha ireo zana-kazo marefo dieny eo amin'ny pepiniera, maka fepetra hiarovana ireo zana-kazo mandritry nt fitanterana
- [ ] Manomana ireo fitaovana sy ny isan'ny olona ilaina mialoha (fitaovana, fanondrahana, daba-pako, fitaterana ireo mpandray anjara, rano fisotro, sakafo, sns.)
- [ ] Dinihina mialoha ireo fomba anangonana ireo fako indrindra fa ireo sase plastika avy nampiasaina tamin'ny zana-kazo, na mampiasa fonosana mora levona na azo averina ampiasaina.

7. **FISAFIDIANANA NY KARAZAN-KAZO METY** - Ireo karazan-kazo (an-tanety na ala honko) hambolena dia safidiana manokana ahafahana mampiakatra ny tahan'ny fahombiazan'ny fambolena sy ny tombon-tsoa eo amin'ny lafin'ny fiarahamonina, fiharian-karena sy ny tontolo iainana. Ilaina ny mampifanaraka ireto tanjona ireto, arakaraka ny zava-misy :

- [ ] Mampifanaraka ny tanjon'ny tetikasa sy ny filàn'ny vondronolona eny ifotony (toy ny hazo atao fanaka, ireo hazo fihinam-boa, hazo kitay sy saribao, hazo haingam-pitombo)
- [ ] Misafidy karazan-kazo mahazaka ny fiovan'ny toetrandro sy toe-tanin'ny faritra anatanterahana ny fambolena
- [ ] Misoroka ny fambolena karazan-kazo mora miparitaka manodidina ny faritra arovana (Akasia mangium, kesika, mimoza, sns)
- [ ] Mamboly karazan-kazo maro ary omena vahana ireo karazan-kazo zanatany.
- [ ] Miomana mialoha amin'ny vokatry ny fiovan'ny toetrandro arakaraka ny toerana ho rakofana ala, ohatra amin'ny alalan'ny fambolena karazan-kazo mahazaka ny fiakaran'ny hafanana, fidinana na fiakaran'ny rotsak'orana.

- ☐ Amin'ireo faritra kaohan'ny riaka (sahan-driaka tsy misy zava-maniry, lavaka, atsanga), misafidy ireo karazan-kazo afaka mitazona sy manarina ny tany ary mamerina ny tsiron-tany (vétiver, volobe, sns.)

8. **MPIANTSEHATRA VOAHOFANA** - Ireo mpandrindra sy tompona tetikasa dia miantoka ny fahazoan'ny mpiantsehatra rehetra fahalalana, fiofanana sy ny fahaiza-manao ilaina, mandritra ny asa rehetra kasaina atao. Ilaina ny :

- ☐ Eo amin'ny fananganana ny tetikasa, miantso sy misafidy ary mampiasa olona niofana sy mahafehy ny dingana rehetra amin'ny asa fandrakofana ala, manomboka amin'ny fandrafetana izany mba amaliana ny filàna sy ny olàn'ny sahanala voakasika.
- ☐ Mikatsaka ireo fahaiza-manao ilaina amin'ny fahombiazan'ny tetikasa sy miantoka ny fahaiza-manaon'ireo mpiantsehatra izay nisitraka fiofanana, tafiditra ao anatin'izay ireo vondron'olona sy mpisehatra eny ifotony
- ☐ Mikaroka na mamorona fitaovana enti-mampiofana mifanaraka amin'ny vondronolona kinendry, indrindra ireo tohan-tserasera an-tsary manoloana ny tsy fahafahana mamaky teny sy manoratra
- ☐ Arakaraka ny filàna, mandrafitra fampiofanana ho an'ny mpampiofana entina mizara ny fahalalana sy fahaiza-manao eny ifotony.
- ☐ Manome lanjany fiofanana ahitana ny fikarakarana, fanaraha-maso sy fanaovana tomban'ezaka, ary ny fahazoana ny tombontsoa omen'ny ala araka ny haben'ny sahanala

9. **FOMBA FIASA VOARINDRA** - Ireo mpisehatra amin'ny fandrakofana ala (tomponandraikim-panjakana, firaisamonimpirenena, vondrona sy fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana na ONG, sehatra tsy miankina, mpiara-mombon'antoka teknika sy mpamatsy vola, sns.) dia tsy maintsy manome lanja ny fandrindrana ireo asa rehetra, mizara ireo fomba fanao mahomby sy mandray anjara amin'ny famahana ireo sakana eny ifotony sy eo amin'ny sehatra nasionaly. Ilaina ny :

- ☐ Miara-miasa akaiky amin'ireo tomponandraikim-panjakana eny ifotony (kaominina, fokontany, ireo mpitondra ara-pinoandrazana), mamolavola ny tetikasa sy manara-maso izany (ohatra : ahafahana miaro ny faritra voavoly hazo amin'ny afo)
- ☐ Miserasera sy mampahafantatra ireo fitaleavam-paritry ny ministera voakasika, momban'ireo asa fandrakofana ala kasaina rehetra, ahafahana manao fanaraha-maso mirindra manerana ny Nosy
- ☐ Mifampizara ireo lesona azo tsoahina sy ireo fomba fanao mahomby miaraka amin'ireo mpisehatra hafa
- ☐ Mandray anjara amin'ireo asa santatra fikaonandoha sy fisaintsainana iombonana eny ifotony na amin'ny sehatra nasionaly, arakakaraky ny fahafahana sy ny fahefa-manao, mikendry fomba fiasa voarindra ho amin'ny fandrakofana Ala sy ny famerenana indray ny Nosy ho maitso

10. **FAMPIASANA MAHOMBY SY FANATEVENANA NY TORO SY ANGOM-BAOVAO EFA MISY** - Tsy tokony hiainga amin'ny tsy misy ireo mpisehatra amin'ny fandrakofana ala. Ny mifanohitra amin'izany aza no tokony hatao, dia fanomezan-danja ireo traikefa azo tamin'ireo asa efa nisy, sy fampiasana ireo torolalana sy atontan-kevitra efa misy. Ilaina ny:

- ☐ Mijery sy maka lesona amin'ireo tetikasa sy asa santatra efa nisy sy an-dalam-panantanterahana eo amin'ny toerana iasana, mamakafaka ireo fahombiazana sy ireo lesoka, ary mandravona ireo lesona notsoahana tamin'ny alalan'ireo traikefa ireo.
- ☐ Mitrandraka ireo torolalana fototra sy ireo antotan-kevitra novolavolain'ireo tomponandraikim-panjakana sy ireo mpisehatra marolafy, manakim-po amin'ity lohahevi-dehibe ity (hita ao amin'ny loharanon-kevitra ao ambany)
- ☐ Manome domberina momban'ny traikefa azo tamin'ny firotsahana an-tsehatra, ireo mpamolavola ireo torolalana ireo, entina manatsara hatrany ireo loharanon-kevitra efa misy
- ☐ Manampy ny mpandrindra ny tetikasa, amin'ny fampitomboana ireo fizaran-kevitra sy fitrandrahana ireo tahirin-kevitra momba ny fandrakofana ala eto Madagasikara

FIFANDRAISANA SY SERASERA

Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy (MEDD)	INDRI, fitanana an-tsoratra ny asa santatra Alamino
● meddcom5@gmail.com ● +261 34 05 620 73 ● www.environnement.mg ● https://www.facebook.com/TontoloiainanaFandrosoanaLovainjafy	● lrakotomalala@indri.solutions ● +261 34 30 314 81 ● www.indri.solutions ● FB : @solutions.indri

TAHIRIN-KEVITRA ILAINA

FANARENANA NY SAHANALA SY NY ALA

- Stratégie Nationale sur la Restauration des Paysages Forestiers et des infrastructures vertes (SNRPF)
  Ministère de l'Environnement, de l'Ecologie et des Forêts, 2017
- Spatialisation des engagements RPF de Madagascar dans le cadre de l'initiative AFR100 - Rapport final.
  Eco-Consult et Idée Mada, 2018
- Défis pour le reboisement dans la gestion des aires protégées terrestre à Madagascar - Note de politique
  Forum LAFA, 2019
- Restauration des Paysages Forestiers - Evaluation des potentialités dans le contexte des engagements de Bonn 2.0 et de la Déclaration de New York sur les forêts. Méthodologie et résultats pour Madagascar - Rapport
  UNIQUE forestry and land use, 2016
- Reboisement du Tampoketsa - La forêt noire
  Ministère d'Etat chargé de la forêt malgache et du reboisement national
- Reboisement villageois individuel à Madagascar : protection du climat et développement rural
  Programme Germano-Malgache pour l'Environnement GTZ - ECO-Consulting Group, 2009
- Le reboisement villageois individuel : Stratégies, techniques et impacts de GREEN-Mad (MEM-GTZ) dans la région d'Antsiranana Madagascar
  GTZ, GREEN-Mad, ECO-Consulting Group, 2007
- Le reboisement, source d'énergie renouvelable pour Madagascar - Exemple de la Région de DIANA
  ECO-Consulting Group, GIZ, 2012
- Restauration des paysages forestiers. Cinq ans de réalisations à Fandriana-Marolambo (Madagascar)
  WWF, 2010

TOROLALANA AMIN'NY FAMBOLEN-KAZO

- Directives Nationales synthétisées des Actions de Reboisement (DNAR)
  Ministère de l'Environnement et du Développement Durable, 2020
- Guide de reboisement et de reforestation - 4 écorégions de Madagascar
  Ministère de l'Environnement et du Développement Durable, 2020
- Torolalana ho amin'ny fambolena volobe
  Ministère de l'Environnement et du Développement Durable, 2020
- Torolalana ho an'ny fambolen-kazo maharitra - Faritra mando
  Ministère de l'Environnement et du Développement Durable, 2020
- Torolalana ho an'ny fambolen-kazo maharitra - Faritra maina
  Ministère de l'Environnement et du Développement Durable, 2020
- Torolalana ho an'ny fambolen-kazo maharitra - Faritra karakaina
  Ministère de l'Environnement et du Développement Durable, 2020
- Torolalana ho amin'ny fambolena honko mahomby
  Ministère de l'Environnement et du Développement Durable, 2020

- Guide pratique de reboisement - Projet Développement Intégré, Aménagement et Bois Énergie (DIABE)
  Programme d'appui au financement de l'agriculture et aux filières inclusives dans le centre de Madagascar (AFAFI-Centre)
- Manuel de suivi post-reboisement
  Cœur de forêt, Région Vakinankaratra, 2020
- Guide de restauration écologique des forêts sèches de l'Ouest de Madagascar
  Ministère de l'Environnement et du Développement Durable, Madagascar National Parks, USAID Hay Tao, (Publication en cours de finalisation)
- Plan national de reboisement
  Ministère de l'Environnement et du Développement Durable, 2021 (Publication en cours de finalisation)
- Document de synthèse de capitalisation des pratiques de reboisement 2020-2021 en vue de l'orientation des prochaines campagnes
  Ministère de l'Environnement et du Développement Durable, 2021 (Publication en cours de finalisation)

FISAFIDIANANA NY KARAZAN-KAZO

- Manuel d'utilisation de la base de données des essences, RPF
  Ministère de l'Environnement et du Développement Durable, 2020
- Guide des essences pour la restauration des paysages forestiers (RPF) à Madagascar
  Ministère de l'Environnement et du Développement Durable, GIZ
- Propagation des plantes exotiques envahissantes : menaces ou bénéfices pour la régénération des essences natives à Madagascar
  CNRE, Forêt et biodiversité à Madagascar, 2019
- Pour promouvoir la plantation des arbres à Madagascar - Fiches techniques
  Ministère de l'Environnement, des Forêts et du Tourisme, USAID, Phyto-Logic, RESOLVE Conseil, 2009
- Production de semences pour les reboisements malgaches
  Chaix G., Ramamonjisoa L., 2001

HAZO ATAO ANGOVO

- Stratégie Nationale d'Approvisionnement en Bois Énergie
  Ministère de l'énergie et des hydrocarbures, Ministère de l'environnement, de l'écologie et des forêts, 2015
- Capitalisation des réalisations et des acquis du Projet ARINA
  Aménagement et Reboisements INtégrés dans le district d'Anjozorobe en bois-énergie
  CIRAD, FOFIFA, PARTAGE, 2019

RESAKA FANANAN-TANY

- Catalogue foncier - RPF
  Promotion d'une Politique Foncière Responsable (ProPFR) / GIZ, ECO Consult, 2019
- Revue des textes fonciers et forestiers pour la mise en œuvre de la restauration des paysages forestiers à Madagascar (Draft)
  Rajaonarivelo M. et *al*., 2021

TAHIRIN-KEVITRA HAFA

- Résumé du profil d'écosystème du hotspot de biodiversité Madagascar et des îles de l'Océan Indien
  Critical Ecosystem Partnership Fund (CEPF), 2014
- Dynamiques spatiales des écosystèmes terrestres, côtiers et marins de Madagascar - Une première application des critères de la Liste rouge des écosystèmes de l'UICN
  UICN, CGE, Ministère de l'Environnement et du Développement Durable, 2020

Havaozina hatrany ity lisitra ity, mandefàsa mailaka aty aminay, raha toa ka mahatsikaritra tsy fahampiana na mahita tahirin-kevitra vaovao : lrakotomalala@indri.solutions

FANDRAKOFANA ALA MAHOMBY
OLONA MIISA 100 NO NANOLON-TENA

Ireo fenitra miisa10 momban'ny fahombiazan'ny fandrakofana ala an'i Madagasikara ireo dia tohanan'i :

- **Vahinala Baomiavotse Raharinirina**, Ministre de l'Environnement et du Développement Durable
- **Hortençia Antoinesie Haingosoa**, Vice Ministre Chargée de la Reforestation auprès du Ministère de l'Environnement et du Développement Durable
- **Lalao Aigrette**, Responsable Technique de programme Mangrove, Blue Ventures
- **Tahiana Andriaharimalala**, Directeur du Centre National de Formation d'Étude et de Recherche en Environnement et Forestier (CNFEREF)
- **Michelle Andriamahazo**, Chargée d'Etudes au Service Environnement Climat et Réponses aux Urgences, Ministère de l'Agriculture et de l'Elevage
- **Tiana Andriamanana**, Directrice exécutive de Fanamby
- **Gérard Andriamandimby**, Directeur du Réseau SOA
- **Ando Andrianarivelo**, Présidente de la Gasy Forestry Student's Association
- **Rado Andrianindrianarivelo**, Président de Regeneration Land
- **Seheno Andriantsaralaza**, Madagascar Manager, Lemur Conservation Network
- **Philippe Bamigbade**, Chef de Projet à Madagascar, Forests4Future - GIZ
- **Nigar Barday**, Directeur Général de la Société Industrielle Barday (SIB)
- **Olivier Behra**, Secrétaire Général, L'Homme et l'Environnement
- **Stephen Boucher**, Fondateur et Directeur du think tank Dreamocracy
- **Jean-Marc Bouvet**, Directeur Régional, Afrique Australe et Madagascar, CIRAD
- **Anthony Bracke**, Coordinateur, Analalava Tia Fandrosoana (ATF)
- **Michaela Braun**, Directrice du Programme de Protection et exploitation durable des ressources naturelles (PAGE), GIZ
- **Christian Camara**, Représentant permanent, Missouri Botanical Garden (MBG)
- **Romain Cogne**, Délégué National, Planète Urgence
- **Emmanuel Cotsoyannis**, Directeur Général du fond Miarakap
- **Frédéric Debouche**, Président fondateur de Graine de Vie
- **Gaëtan Etancelin**, Directeur de SOPRAL
- **Sariaka Falianja**, Vice-présidente du CA et Présidente de la Commission Environnement et Développement Durable, Groupement des Entreprises Franches et Partenaires (GEFP)
- **Claude Fanohiza**, Directeur Exécutif, Fondation Tany Meva
- **Max Fontaine**, Fondateur et Gérant, Bôndy
- **Eric Gateau**, Président, AMADA Madagascar
- **Yves Guicquéro**, Directeur Madagascar, Agence Française de Développement
- **Harrisson Hamill**, Directeur Exécutif, Dry Forest
- **Evah Haririsoa**, Coordonnatrice de programme environnement et changement climatique, SAF / FJKM
- **Michael Harison**, Président, Greener Madagascar
- **Mahefatiana Heriantenaina**, Président National de l'organisation paysanne FEKRITAMA
- **Claire Kaboré**, Représentante à Madagascar, Gret
- **Marie Christina Kolo**, Coordinatrice et Gérante, Green N Kool
- **Michel Laloge**, Chef de Coopération, Délégation de l'Union Européenne à Madagascar
- **Adrien Lepage**, Coordinateur et Représentant d'Agrisud International
- **Adrian Levrel,** Directeur Pays, Insuco
- **Richard Lewis**, Directeur du Programme Madagascar, Durrell Wildlife Conservation Trust
- **Hermany Manahadraza**, Président National du Réseau MIHARI
- **Tiana Manantsoa**, Directeur Général de l'ONG Tandavanala
- **Rina Mandimbiniaina**, Madagascar conservation Coordinator, Rainforest Trust
- **Lauréat Mandresilahatra**, Coordinateur National, Cœur de forêt Madagascar
- **Andry Manoby**, Président de l'Association des Techniciens pour le Développement du Sud (ATDS)
- **Francois-Xavier Mayer**, Administrateur trésorier, Confédération du Tourisme de Madagascar
- **Carlo Merla**, Chef d'Equipe FANAINGA - Appui à la société civile malagasy
- **Jean-Philippe Palasi**, Directeur Exécutif, INDRI
- **Karine Rabefaritra**, Communicante, Co-fondatrice de l'Agence Solutio et de l'Agence Dujardin Delacour & Cie
- **Ravonantenaina Rabekijana**, Responsable communication, Association MANA
- **Henintsoa Rabemananjara**, Conseiller Technique, ProSol - GIZ

- **Liva Raharijaona, Directeur exécutif**, Fondation pour les Aires Protégées et la Biodiversité de Madagascar (FAPBM)
- **Corrine Rahoeliarisoa**, Coordinatrice Nationale, Coalition Nationale de Plaidoyer Environnemental (CNPE)
- **Serge Rajaobelina**, Président de Sahanala
- **Fanjanirina Rajaonarivelo**, Coordonnatrice Régionale, DELC Mizàna Maitso
- **Fredy Rajaonera**, Directeur Général Adjoint, Chocolaterie Robert (Groupe Ramanandraibe)
- **Sahondra Rajoelina**, Directrice pays, Conservation International (CI)
- **Mamy Rakotoarijaona**, Directeur Général, Madagascar National Parks (MNP)
- **Naly Rakotoarisendra**, Présidente de l'Association Fakotôry
- **Léonard Rakotomalala**, Directeur Exécutif, ONG SAHA
- **Linjasoa Rakotomalala**, Chercheuse et Chargée de Mission, Paysages Terrestres et Forêts, INDRI
- **Hajasoanirina Rakotomandimby**, Président, Coalition Paysanne de Madagascar (CPM)
- **Sarobidy Rakotonarivo**, Chercheuse en socio-economie de l'environnement, École Supérieure des Sciences Agronomiques, Université d'Antananarivo
- **Jean Rakotondralandy**, Responsable QHSSE, LABO OI
- **Vatosoa Rakotondrazafy**, Coordinatrice Nationale des Paysages Terrestres et Marins, INDRI
- **Andrianamenosoa Rakotondrasoa**, Coordinateur des Opérations, Nitidae
- **Rodin Rakotoniarivo**, Coordonnateur Technique National, SAGE Fampandrosoana Maharitra
- **Rivoarilala Rakotoniriana**, Président de l'association GOSOC Komanga
- **Barijaona Ramaholimihaso**, Conseiller du Directeur Général, Banque BNI Madagascar
- **Gérard Rambeloarisoa**, Coordinateur de l'Approche Paysage, CRS Madagascar
- **Niandry Ramboason**, Leader et Directeur de programme, Renirano by Madagascar Will Rise
- **Vony Raminoarisoa**, Directeur Exécutif, ASITY Madagascar
- **Zina Raminosona**, Chief Executive Officer, KAKI Agency
- **Heriniaina Randriamalala**, Programmes Executive Officer, YMCA Madagascar
- **Sandrina Randriamananjara Andriamanjato**, Trésorière, Association des Professionnels de l'Urbain (APUM), Présidente, Association Fonenana Mendrika
- **Jules Randrianarivelo**, Président de l'association KOLOHARENA
- **Dauliviet Randrianasolomahatratra**, Assistant Technique des Opérations, PADAP
- **Tsiry Randrianavelo**, Fondateur et Président du Conseil d'Administration, Move up Madagascar
- **Tsilavina Ranoelimanana**, Président Fondateur, Association Ank'izy
- **Eric Raparison**, Coordinateur national, plateforme solidarité des intervenants sur le foncier (SIF)
- **Miora Rapatsalahy**, Gérante et Présidente, Tour Malin Madagascar et ANTSO RE (Association Nationale pour le Tourisme Solidaire et Responsable)
- **Hariliva Rasoariinorolalao**, Chef de Division bovin à viande, Ministère de l'Agriculture et de l'Elevage
- **Lovy Rasolofomanana**, Directeur Pays, World Conservation Society (WCS)
- **Voary Rasoloson**, President & Co-founder, Association Voarin'i Tsiazompaniry
- **Nanie Ratsifandrihamanana**, Directrice Pays, WWF Madagascar
- **Jonah Ratsimbazafy**, Président du Groupe d'Etude et de Recherche sur les Primates de Madagascar (GERP)
- **Jean-Solo Ratsisompatrarivo**, Chef de Projet, Pact
- **Mimie Ravaroson**, Co-fondatrice, Latérite Rouge
- **Mbolatiana Raveloarimisa**, Fondatrice de Wake Up Madagascar, Secrétaire Exécutive de la Coalition des Radios
- **Dominique Raveloarinanja**, Responsable Partenariats et Suivi et évaluation, Mentor E.C.C.E.
- **Julie Razafimanahaka**, Directrice Exécutive, ONG Madagasikara Voakajy
- **Angeline Razafimbololona**, Présidente, Tranoben'ny Tantsaha Mpamokatra Nasionaly (TTMN)
- **Mirado Razafindrakoto**, Chef de service des Études Environnementales, Ministère de l'Aménagement du Territoire et des Services Fonciers
- **Hélène Razafindrasoa**, Présidente, Federasiona ny Vehivavy Tantsaha eto Madagasikara (FVTM)
- **Ndranto Razakamanarina**, Président du Conseil d'Administration, Alliance Voahary Gasy
- **Erik Reed**, Natural Resource Management Specialist, Banque Mondiale
- **David Roger**, Directeur Général du cabinet de conseil BuyYourWay
- **Voahangy Soarimalala**, Coordinateur scientifique, Association Vahatra
- **Zoralien Tombofeno**, Président, FIkambanana VElona Hampandroso Iharana (FIVEHI)
- **Julio Vahatriniaina**, Directeur de l'ONG Vahatra
- **Clémentine Voninavoko**, Coordinatrice nationale adjointe, Programme de Lutte Antiérosive (PLAE)
- **Evrard Wendenbaum**, Président et Fondateur, Naturevolution
- **Harimpitia Zafindranoro**, Directeur Régional, Fonds de Développement Agricole Région SAVA